NY FARISEO SY NY MPAMORY HETRA



...fa izay rehetra manandra-tena no haetry; ary izay manetry tena no hasandratra.
LIOKA 18:14

Ary Izy nanao izao fanoharana izao tamin'ny sasany izay natoky ny tenany ho marina ka nanamavo ny sasany: Nisy roa lahy niakatra teo an-kianjan'ny tempoly hivavaka; ny anankiray Fariseo, ary ny anankiray mpamory hetra. Ilay Fariseo nitsangana ka nivavaka anakampo hoe: Andriamanitra ô, misaotra Anao aho fa tsy mba tahaka ny sasany, izay mpanao an-keriny, tsy marina, mpaka vadin’olona, na tahaka io mpamory hetra io aza. Mifady indroa isan-kerinandro aho, mandoa ny fahafolon-karena amin’izay ananako rehetra. Ary ilay mpamory hetra nijanona teny lavidavitra eny, dia tsy nety niandrandra ny lanitra akory, fa niteha-tratra ka nanao hoe: Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko mpanota. Lazaiko aminareo fa io lehilahy io nidina tany an-tranony efa nohamarinina noho ny anankiray; ary izay manetry tena no hasandratra. LIOKA 18:9-14

...tsy manadino ny fitarainan’ny ory Izy. SALAMO 9:12

Hofoanan'i Jehovah ny molotra mandrobo rehetra Sy ny lela miteny avonavona, Salamo 12:3

Sambatra izay olona manao an'i Jehovah ho tokiny ka tsy manaja ny mpiavonavona na ny mivily ho amin'ny lainga. SALAMO 40:4

Na dia avo aza Jehovah, dia mijery ny ambany Izy; SALAMO 138:6

Raha tonga ny fiavonavonana, dia tonga koa ny henatra;
Fa ao amin'ny manetry tena no misy fahendrena.
OHABOLANA 11:2

Ny tranon'ny mpiavonavona no horavan'i Jehovah;
OHABOLANA 15:25

Ny fahatahorana an'i Jehovah no fananarana mampahahendry; ary ny fanetren-tena no mialoha ny voninahitra. OHABOLANA 15:33

Fahavetavetana eo imason'i Jehovah izay rehetra miavonavona am-po; OHABOLANA 16:5

Ny fiavonavonana mialoha ny fahaverezana, ary ny fanahy mirehareha mialoha ny fahalavoana.
Aleo manetry tena amin'ny manetry tena toy izay mizara babo amin'ny mpiavonavona. OHABOLANA 16:18-19

Ny fireharehan'ny fon'ny olona mialoha ny fahasimbana, ary ny fanetren-tena mialoha ny voninahitra.
OHABOLANA 18:12

Ny fanetren-tena sy ny fahatahorana an'i Jehovah dia harena sy voninahitra ary fiainana. OHABOLANA 22:4

Ny fiavonavonan'ny olona no mampietry azy;
OHABOLANA 29:23

Ny ratsy fanahy amin'ny fireharehany dia manenjika ny malahelo; Fa ny ratsy fanahy mirehareha amin'ny fanirian'ny fony, ary ny mpierina izay halan'i Jehovah no ankasitrahany. Ny ratsy fanahy, noho ny fiavonavonan'ny tavany, dia tsy hitady an'Andriamanitra; SALAMO 10:2-4

Fa iza no mampiavaka anao? ary inona no anananao ka tsy noraisinao? fa raha nandray izany ianao, nahoana no mirehareha toy ny tsy nandray? 1 KORINTIANINA 4:7

Fa manome fahasoavana bebe kokoa Izy. Koa izany no ilazany hoe: Andriamanitra manohitra ny miavonavona, fa manome fahasoavana ho an'ny manetry tena. JAKOBA 4:6

Ary toy izany koa ianareo tanora fanahy, maneke ny loholona. Eny, samy maneke ny namany avy ianareo rehetra, ary mitafia fanetren-tena; Koa manetre tena ambanin'ny tàna-maherin'Andriamanitra,
mba hanandratany anareo amin'ny fotoany,
1 PETERA 5:5-6

Fa izay rehetra eo amin'izao tontolo izao, dia ny filan'ny nofo sy ny filan'ny maso ary ny rehaka momba izao fiainana izao, dia tsy avy amin'ny Ray, fa avy amin'izao tontolo izao. 1 JAONA 2:16